

# Vaovao SAHAZA

Gazety PASAN - SAHAZA | Aogositra 2019 | Laharana faha - 02



## Sehatr'Asa Hanatsaràna ny Antoka ara-tsakafo sy ny fanjariantsakafo ho an'ny Zaza Amam-behivavy.

Io no anarana Malagasy entin'ny tetikasa manomboka izao. Tapaka izany tao anatin'ny fivoriana voalohany niarahan'ireo teknisiana isan'ambaratongany mpiara-mananteraka ny tetikasa natao ny faha 28 jona 2019. Ny rindran'asa nanomboka ny volana Martsa 2019 - fiantombohan'ny tetikasa, hatramin'ny fahataperan'ny fe-potoana voalohan - mey 2020 moa no tena nodinihina tamin'io fotoana io. Navitrika tokoa na ny fandraisan'anjara sy ny adihevitra, hany ka nankatoavina tamin'io fotoana io ihany ity lamin'asa ho an'ny fotoam-piasana voalohany 2019 ity..

JICA Agence Japonaise de Coopération Internationale | MAEP | Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka | PRIMATURE ONN OFFICE NATIONAL DE NUTRITION

Ombon'antoka fanjariantsakafo

# FARITRA TELO MISITRAKA NY TOMBONTSOA «SAHAZA».

**Lamin'asa 2019**

**Ireo mpiara-manantanteraka: ONN, MAEP, MSANP, JICA sy ireo olom-boatendry teknisianina isan'ambaratongany avy amin'ny faritra Itasy, Vakinankaratra, Amoron'i Mania.**



Ny lamin'asa tapaka nandritra io fivoriana io dia mamaritra ny asa rehetra izay ho tanterahina anatin'ny fe-potoana voalohany (martsa 2019 – mey 2020) ary koa ny paikady entina hanatanterahina izany. Anisan'izany paikady zany dia voafaritra ao :

- Ny paikady teknika rehetra, hifantoka manokana ny amin'ny maha-marolafy ny sehatry ny fanjariantsakafo.
- Ny paikady momba ny fitantanana sy ny serasera ho an'ny tetikasa.


Voafaritra kosa amin'ireo asa atao ny andinindiny momba ny fambolena, ny fahasalamàna, ny rano fisotro madio, ny fanovana fitondran-tena manoloana ny fanjariantsakafo amin'ny alàlan'ny fihinanana ireo singa tena ilaina ; fa indrindra ny fametrahana sehatra iray andrindràna ireo tantsoroka rehetra misy eny ifotony mba ho fanatsaràna ny antoka ara- tsakafo sy ny fanjariantsakafo.

Mba ho tena ny SAHAZA tokoa no hitan'ireo mpisitraka amin'ny faritra hiasan'ny tetikasa, omen-danja manokana ny fanomezana teknika famokarana mba hampitombo ny fidiram-bolan'ny tantsaha, sady ahafahany misitraka sy mihinana ny vokatry ny fambolena.



Ombon'antoka

# MIARA-MIASA HO AN'NY FANJARIANTSAKAFO




Ny FAO, ny PAM ary ny UNICEF dia mivondrona ho amin'ny famolavolana tetikasa iraisana anaty ny sehatry ny famatsiana ara-tsakafo; izay angatahana famatsiam-bola avy amin'ny fanjakana Japoney. Ny tanjon'io tetikasa io dia ny hiadiana amin'ny tsifanjariantsakafo, amin'ny alàlan'ny famporishina amin'ny fihinanana sakafo araka ny tokony ho izy.

Novolavolaina indrindra ity tetikasa iombonana ity mba hifanindran-dalana ary koa hifameno amin'ny tetikasan'ny Banky Iasam-pirenena, FAFY sy ny Hetsika ho an'ny Antoka ara-tsakafo sy ny Fanjariantsakafo aty Afrika na ny IFNA eto Magadasikara. Mifandraika amin'izay indrindra dia mikatsaka fiaraha-miasa akaiky amin'ny FAO-PAM-UNICEF ny SAHAZA ao amin'ireo faritra telo iasàny: Vakinankaratra, Itasy, ary Amoron'i Mania amin'ny fanatanterahana asa ho fanatsaràna ny fanjariantsakafo.

Mifandraika indrindra amin'ny tanjona lehibe kendren'ny SAHAZA ny fiaraha-miombon'antoka ho fanatsaràna ny tsifanjariantsakafo io tetikasa iombonana io.

Ny faha 24 Jolay 2019 teo ary dia nisy ny fihaonan'ny SAHAZA tamin'ireo tompon'andraikitra avy amin'ny FAO, sy PAM ary UNICEF. Tapaka fa noho ny fitoviana fomba fiasa amin'ny roa tonta dia samy hanana ny Kaominina iasàny ny SAHAZA sy ny FAO ary hifampizara traikefa zay azo anatin'ny fanatanterahana ireo asa atao ifotony.

Mahakasika ny fiaraha-miasa amin'ny UNICEF kosa dia hisy asa ho tanterahin'ny UNICEF eny anivon'ny Kaominina iasàn'ny SAHAZA amin'ny sehatry ny rano, ny fidiovana ary ny fanadiovana. Hiasa ihany koa amin'ny faritra iadidian'ny FAO ny UNICEF mba ahafahana mampitaha ny vokatra azo amin'ireo faritra ireo.

Nifanaraka ary ny rehetra fa hampahafantatra ireo kaominina miisa 20 hiasàny ny SAHAZA, ary mbola hotohizana ny fifampidinihina ho amin'ny fandrindràna ireo asa rehetra.





## Fanjariantsakafo

# KAOMININA «*SAHAZA*»

Ny 31 Jolay 2019 no natolotra ny mpiara-miombon'antoka rehetra voakasik'izany ireo tolokevitra Kaominina miisa 20 hiasan'ny SAHAZA. Madagasikara no firenena voalohany nanamarina ny paikadin'ny firenena (ICSA) ho an'ny hetsika IFNA. Raha ny marina, ny IFNA dia nanantitrantitra ny maha-zava-dehibe ny fomba fiasa mifototra amin'ny porofo hanohanana ny fandraisan'ireo tompon'andraikitra politika ny fanapahan-kevitra mifototra amin'ny fizohiana sy ny fanombanana.

Tamin'ny fisafidianana ireo Kaominina 20 dia nifantoka amin'ny antontan'isa ny SAHAZA ary nanamafy izany tamin'ny alàlan'ny fidinana ifotony. Anisan'ny masotsivana nojerena tamin'ny fisafidianana ireo Kaominina ny sata ara-tsakafo, ny fisiana tobin'ny AC, ny fisiana sy fanakaikezan'ny «*agents vulgarisateurs*».

Amin'izao fotoana izao dia andrasana ny fankatoavan'ireo mpiara-miombon'antoka rehetra ny listr'ireo Kaominina 20. Tena tsindrin-daona tokoa izahay hidina tsy ho ela eny ifotony amin'ny fanatanterahana ny asa!

| NB | FARITRA | DISTRIKA | KAOMINA |
|---|---|---|---|
| 1 | Amoron'i Mania | Ambositra | Ambositra |
| 2 | Amoron'i Mania | Ambositra | Ivony Miaramiasa |
| 3 | Amoron'i Mania | Ambositra | Andina |
| 4 | Amoron'i Mania | Ambositra | Ambalamanakana |
| 5 | Amoron'i Mania | Manandriana | Anjoman'Ankona |
| 6 | Itasy | Arivonimamo | Ambohipandrano |
| 7 | Itasy | Arivonimamo | Ampahimanga |
| 8 | Itasy | Miarinarivo | Manazary |
| 9 | Itasy | Miarinarivo | Antoby Est |
| 10 | Itasy | Miarinarivo | MAnalavory |
| 11 | Itasy | Miarinarivo | MMandiavato |
| 12 | Itasy | Miarinarivo | Anosibe-Ifanja |
| 13 | Vakinankaratra | Antanifotsy | Ampitatafika |
| 14 | Vakinankaratra | Antanifotsy | Ambatomiady |
| 15 | Vakinankaratra | Antanifotsy | Ambatotsipihana |
| 16 | Vakinankaratra | Antanifotsy | Ambohimandroso |
| 17 | Vakinankaratra | Betafo | Antsoso |
| 18 | Vakinankaratra | Betafo | Inanantonana |
| 19 | Vakinankaratra | Ambatolampy | Andriambilany |
| 20 | Vakinankaratra | Ambatolampy | Tsiafajavona Ank. |





Tongava manatona ety amin'ny ONN Anosy,
na manorata amin'ny
pasanainmadagascar@gmail.com
raha misy ilàna